# 1 NY H.A.D ATAO SY FITAOVANA

## LOHAHEVITRA

Andeha hanavaka ny fehezanteny manana HAD ATAO sy FITAOVANA

## LESONA HO TADIDINA

Famantarana ny hevitra ara-drafitra
**HAD = tsirinteny + FKI**

### HAD ATAO

**Ireo fepetra takiana amin'ny HAD ny L ATAO**

EM matoanteny aman-tovona tsy mivaky "a-"
FKI mivany 2
Ohatra :
F1 : Natosika mafy ny fiara
EM ZP L/ ATAO
F1= Natosika < n(o) – a – tosika
n(o): filazam-potoana lasa
-a- : tovona tsy mivaky
tosika : fototeny

### HAD FITAOVANA

**Ireo fepetra takiana amin'ny HAD ny L FITAOVANA**

- EM matoanteny aman-tovona tsy mivaky "a-"
- FKI mivany 3 ka ny vaniny fahatelo dia RF Iharana
  - Ohatra :

F2 : Ahosotra ny trano ny savoka
EM RF L/ FITAOVANA
F2= Ahosotra < Æ - a – hosotra
Æ : filazam-potoana ankehitriny
-a- : tovona tsy mivaky
Hosotra : fototeny

**SAHANASA 1**

Omeo ny HAD ny L amin'ireo fehezanteny ireto ary hamarino ny valinteninao:

F1 : Atomboka androany ny fivoriana

F2 : Nalefan'i Jao tany amin'ny namany ny taratasy

F3 : Hafatotra ny omby ny tady

F4 : Nafehy ny lohany ny lamba

**SAHANASA 2**

Mamorona fehezanteny ahitana :

HAD ny L Atao 2

HAD ny L Fitaovana 2